Maneho ireo toetra amam-pihetsika mendrika hitsitsiana ireo loharanom-bola sy loharanon'angovo	Ny loharanom-bola • Hevitry ny loharanom-bola • Fomba hahazoan'ny olona vola eo amin'ny fiarahamonina: asa, fandraharahana madinika, karama sy tombontsoa ara-dalana Ny loharanon'angovo • Hevitry ny loharanon'angovo • Loharanon'angovo ampiasaina andavanandro: kitay sy arina, entona, herinaratra, solika • Toetra amam-pihetsika ho fitantanana am-pihevarena	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanasongadina ireo fomba hahazoan'ny olona vola eo amin'ny fiarahamonina - hitanisa ireo loharanon'angovo ampiasaina ao an-trano na eny an-tsekoly - hijery manodidina ny sekoly ny fampiasana angovo - hamantatra toe-javatra mampiseho fandanian-bola na fandanianangovo tafahoatra - hifanakalo hevitra momba ny maha-zava-dehibe ny fitsitsiana loharanom-bola sy loharanon'angovo - hanao seho sehatra mampiseho fandanian-bola tafahoatra sy fitsitsiana - hampihatra toetra amam-pihetsika hitsitsiana ao an-dakilasy sy ao an-trano - hamorona hafatra na afisy fanentanana momba ny fitsitsiana loharanom-bola sy loharanon'angovo Tetika amam-paika - Fanontaniana-valiny - Fijerena sy fandinihana toe-javatra - Fivoahana ivelan'ny efitrano fianarana - Seho sehatra - Fifanakalozan-kevitra - Fanentanana Fitaovana - Sary na horonan-tsary momba ny asa sy angovo - Tabilao na karatra misy toe-javatra - Fitaovana fampisehoana - Afisy fanentanana

Tombana

- Mitanisa ireo loharanom-bola sy loharanon'angovo misy eo amin'ny tontolo manodidina ny mpianatra
- Manazava ny maha zava-dehibe ny fitsitsiana ireo loharanom-bola sy loharanon'angovo ny mpianatra
- Mampiseho fihetsika enti-mitsitsy ao an-dakilasy ny mpianatra.
- Mandray anjara amin'ny fanentanana ny hafa hitsitsy ireo loharanom-bola sy loharanon'angovo ny mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Maneho ireo toetra amam-pihetsika mendrika hananana tahiry araka izay misy eo am-pelantanana	Ny fananana tahiry • Sahanasa hatao mba hananana tahiry : fitsitsiana amin'ny fandanianana andavanandro, fanaovana asa madinika mitondra fidiram-bola, fizarana vola amin'ny filana sy tahiry, fitehirizana	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanoritsoritra ireo sahanasa hatao raha te-hanana tahiry - hitantara izay zavatra fanaon'ny olona any aminy momba ny tahiry - hiresaka mikasika ny maha-zava-dehibe ny tahiry amin'ny fiainana - haneho amin'ny seho sehatra ny fahasamihafana eo amin'ny olona mitsitsy sy tsy mitsitsy - hampihatra fitsitsiana tsotra ao an-trano sy any an-dakilasy

	vola amin'ny toerana azo antoka • Toetra amam-pihetsika takina : faharetana sy fahazotoana, tsy fandanim-poana, fifehezan-tena, fandaminana sy fandrindrana	- hampirisika ny hafa hanao fitsitsiana tsotra ao an-trano sy any an-dakilasy <i>Tetika amam-paika</i> - Fitantarana izay zavatra fanaon'ny olona any aminy - Fanaovana seho sehatra - Fanentanana am-bava <i>Fitaovana</i> - Sary maneho fitsitsiana sy fandanim-poana - Horonan-tsary fanabeazana - Tabilao hanaovana ohatra tsotra momba ny fizaram-bola
Tombana • Manoritsoritra ireo sahanasa hatao raha te-hanana tahiry ny mpianatra. • Manazava ny maha zava-dehibe ny tahiry ny mpianatra. • Maneho ireo toetra amam-pihetsika takiana mba hahafahana manao tahiry ny mpianatra. • Manentana ny hafa hanao tahiry ny mpianatra.		

TOVANA

Dingana amin'ny fanatanterahana tetikasa eo amin'ny taranja “Fanabeazana ho Olompirenena Vanona”

Famantarana ny olana Ao an-tsekoly na eo amin'ny fiarahamonina	Fisafidianana ny tetikasa Tetikasa azo zo tanterahina	Fanomanana ny tetikasa Iza, inona, rahoviana ?
Fanatanterahana ny tetikasa Araka ny drafitra	Fanombanana ny tetikasa Ny nety, ny olana niseho, ary ny fanatsarana azo atao amin'ny ho avy	Fanehoana ny vokatra Mihaino ny heviny

Dingana amin'ny seho sehatra

Fisafidianana ny lohahevitra na tranga	Fizarana asa Mpilalao, mpitantara, mpanampy...	Fanomanana Mialoha, mangataka fanampian'ny mpampianatra
Andrana Fanazaran-tena sy fanitsiana	Fanatanterahana Maneho ny seho eo imason'ny mpiara-mianatra	Fanangonana hevitra Mihaino ny hevitra ny mpijery, maka lesona
	Fanekena sy fampiharana Mampihatra ny hafatra azo eo amin'ny fiainana andavanandro	

TOROVOLANA

Fafana	: kisary ahitana tsanganana miefitrefitra entina manasokajy teny na hevitra
Fanilikilihana	: fampiatahana na fanesorana olona iray tsy ho namana
Fikojakojana	: fikolokoloana mba hateza
FIZOZAZA	: FIfanarahana Iraisam-pirenena momba ny ZO'n'ny ZAZA
Mitandro	: mitandrina sy manaja ary mikolokolo
Kisary	: fanehoana an-tsary tsotra ireo singa fototra mandrafitra ny zavatra iray
Kolikoly	: fanomezana na fandraisana vola na zavatra tsy ara-dalana amin'ny asa ampanaovina olona iray
Manoritsoritra	: maneho ny firafitra sy toetran'ny olona na zavatra

MATEMATIKA

ZAVA-KENDREN'NY FANDAHARAM-PIBEAZANA

Ny tanjon'ny taranja matematika dia :

- hampivelatra vondrona fahalalana samihafa ao anatin'ny sehatra matematika ;
- hahatakatra sy hampihatra ireo voankevitra matematika ;
- hampihatra sy hampiasa izany amin'ny famahana olana eo amin'ny fiainana andavanandro.

FANDAMINANA ARA-PEDAGOJIA ANKAPOBENY

Ny taranja matematika dia ahitana zana-taranja miisa enina :

- **Fianarana isa** : hahatakarana ny mpianatra ny isa (miiba, miabo, ampahany, sns) sy ny toetra mampiavaka azy ;
- **Asamarika** : hanao kajy (manampy, manala, mampitombo, mizara) sy hampihatra izany amin'ny famahana olana andavanandro ;
- **Aljebra** : hamantatra kisary mitamberina sy fanaraham-pitsipika hita ary haneho fifandraisana aljebra ;
- **Rafidrefy** : handrefy habe samihafa (halavana, lanja, ora, zoro, velarana, hadiry) amin'ny fampiasana fitaovana fandrefesana ;
- **Rafitsary** : hianatra kisary, vainga ary fanovana ara-drafitany ;
- **Fikirakirana Antontanisa** : hanangona, handamina, handika antontan'isa ary handinika ny vintana.

FITARIHANA ARA-PEDAGOJIA ANKAPOBENY

Ny fampianarana matematika dia :

- manome vahana ny fanakarana ny hevitra ny isa, ny asamarika, ny rafitsary, ny rafidrefy ary ny fikirakirana antontanisa;
- mampifandray ny voankevitra sy ny zava-misy iainan'ny mpianatra ;
- manamafy ny fikirakirana fitaovana mba hampisy heviny ny voankevitra ;
- manome lanja ny fanehoana an-tsary ny voankevitra tsy hita maso sy tsy azo tsapain-tanana ho lasa matematika.

Manampy be dia be ny mpampianatra ny fanarahana ny bokin'ny mpianatra sy torolalana novokarin'ny Minisitara izay mifanaraka amin'ny fandaharam-pibeazana.

LANJAN'ORA: 7 ora (14 x 30 minitra)

VOKA-PIANARANA ANKAPOBEANY

ZANA-TARANJA	VOKA-PIANARANA ANKAPOBENY
FIANARANA ISA	Mampiasa ny fahazoana ny voankevitra momba ny isatsimivakinanahary, hanoritsoritra hamaon-javatra hita eo amin'ny fiainana andavanandro.
ASAMARIKA	Manampy, manala ary mampitombo isa isatsimivakinanahary.
ALIJEBA	Manoritsoritra sy mamakafaka ny fanaraham-pitsipika sy ny fiverimberenana amin'ny fandikana ireny ho ara-matematika eo amin'ny tandahatra manara-pitsipika.
RAFITSARY	- Manoritsoritra ny toerana misy ny vainga na zavatra iray sy ny fifindrany ao anatin'ny habaka. - Mamaha sehatr'olana fahita eo amin'ny fiainana andavanandro amin'ny fanoritsoritra, fampitahana ary fanasokajina endrika jiomatika
RAFIDREFY	Mamaha sehatr'olana fahita eo amin'ny fiainana andavanandro amin'ny fampiasana refy: halavana, lanja, fatra ary fotoana.
FIKIRAKIRANA ANTONTANISA	Manangona sy mandamina antontan-kevitra na antontanisa mba hampitana hevitra.

FAFANA VOTOATINY

ZANA-TARANJA	VOTOATINY
FIANARANA ISA	• Fanisana sy fampitahana angon-javatra 41 hatramin'ny 100 • Fanisana sy fanoratana isa 41 hatramin'ny 100 • Famahavahana sy famondronana isa 41 hatramin'ny 100 • Fampitahana sy fandaharana isa 41 hatramin'ny 100 • Fanisana isa 101 hatramin'ny 1000 (anjatony, ampolony, ambiny)

ASAMARIKA	• Fampiasana kajy an-kandrina hatramin'ny 100 • Fanampiana isa 41 hatramin'ny 100 • Fanalana isa 41 hatramin'ny 100
ALIJEBA	• Fandaharana tsy arak'isa • Fandaharana tsy arak'isa manara-pitsipika misonga • Fandaharana isa manara-pitsipika • Fimirana matematika
RAFITSARY	• Fampiasana teny mifandray amin'ny habaka • Fanasokajiana kisary an-demaka • Fandrafetana kisary an-demaka • Fanasokajiana vainga • Fanoritana kisary
RAFIDREFY	• Fandrefesana halavana • Fanoritana halavana • Fandanjana amin'ny venty ifanarahana • Fandanjana amin'ny kilaograma (kg) • Fandrefesana fiatiana amin'ny venty ifanarahana • Fandrefesana fiatiana amin'ny litatra (L) • Fandrefesana mari-potoana
FIKIRAKIRANA ANTONTANISA	• Fanadihadiana • Fanehoana valin'ny fanadihadiana • Famakiana sy fampitahana valiny • Fanavahana tranga mety miseho sy tsy miseho

FIANARANA ISA

Fahendrena voizina : fizakantena, fanenterana

Faharetany : 62 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manisa sy mampitaha angon-javatra na hamaroan-javatra 41 hatramin'ny 100 amin'ny alalan'ny vainga azo kirakiraina	Fanisana sy fampitahana angon-javatra 41 hatramin'ny 100 • Fanombanana sy fanisana angon-javatra : ampolony, ambiny • Fampivondronana na famahavahana angon-javatra ampolony, ambiny • Fampitahana angon-javatra: ampolony sy ambiny	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanisa angon-javatra na hamaroan-javatra azo kirakiraina - hanisa, hampitaha angon-javatra - hanisa, hampitaha miandalana ireo angon-javatra : 41 hatramin'ny 60, 61 hatramin'ny 80, 81 hatramin'ny 100 amin'ny alalan'ny hoe “maro kokoa”, “vitsy kokoa”, “mira” Tetika amam-paika - Asa an-tarika, tsirairay - Famondronana, famahavahana angon-javatra Fitaovana Angon-javatra. Ohatra : hazokely, voatsaramaso, voakatsaka
Tombana • Manisa angon-javatra na hamaroan-javatra 41 hatramin'ny 100 amin'ny alalan'ny vainga azo kirakiraina ny mpianatra. • Mampitaha angon-javatra na hamaroan-javatra 41 hatramin'ny 100 amin'ny alalan'ny vainga azo kirakiraina ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manisa, manoratra isa 41 hatramin'ny 100	Fanisana sy fanoratana isa 41 hatramin'ny 100 • Fanisana • Famakiana isa • Fanoratana isa	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanisy angon-javatra iray avy amin'ireo kiefitra miisa 10 rehefa avy manisa 10 - hanoratra ny isan'ny angon-javatra ao anatin'ny kiefitra - hanohy hatramin'ny 100 ny fanisana ka fenoana angon-javatra avokoa ireo kiefitra 10 miisa 10 - hanoratra ny isan'ny angon-javatra raha vao fantatra ny isany - hampifandray ny isan'ny angon-javatra amin'ny tarehimarika amin'ny fampiasana tanjozotran'isa hatramin'ny 100 - hanisa tsirairay, tsiroaroa, tsidimidimy, tsifolofolo misonga, mijotso amin'ny fampiasana tabilaonisa hatramin'ny 100 na tanjozotran'isa - hanoratra isa mifanaraka amin'ny angona nisainy na notononina aminy Tetika امام-पािका - Fanisana mitsambikina - Asa an-tarika, asa samirery Fitaovana - Angon-javatra (vatokely....) - Tanjozotran'isa
Tombana • Manisa tsirairay, tsiroaroa, tsidimidimy, tsifolofolo misonga, mijotso amin'ny fampiasana tabilaonisa hatramin'ny 100 na tanjozotran'isa ny mpianatra. • Manoratra isa mifanaraka amin'ny angona nisainy na notononina aminy ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mamahavaha, mamondrona isa 41 hatramin'ny 100	Famahavahana sy famondronana isa 41 hatramin'ny 100 • Fanehoana isa amin'ny eva matematika • Antsasaky ny isa iray • Isa avo roa heny • Isa ankasa sy isa tsiankasa • Fanehoana isa iray amin'ny fomba maro	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hamahavaha, hanambatra isa - handrafitra ny fifandraisana misy eo amin'ireo fanehoana ara-matematika ny isa iray - hizara angon-javatra iray ho vondrona 2 mitovy - hamantatra ny isa ankasa sy tsiankasa - haneho ny isa iray amin'ny fomba maro samihafa Tetika امام-पािका - Fikirakirana fitaovana na angon-javatra - Fifanampiana amin'ny fomba samihafa - Famahavahana isa iray amin'ny alalan'ny fifanampian'ny isa roa na maromaro izay tsy mitovy Fitaovana - Angon-javatra misy eo an-toerana - Lambanan-teny
Tombana • Mamantatra ny isa ankasa, tsiankasa ao anatin'ny isa 41 hatramin'ny 100 ny mpianatra. • Maneho isa iray amin'ny fomba samihafa ny mpianatra. • Mamahavaha sy mamondrona isa hatramin'ny 100 ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mandahatra isa 41 hatramin'ny 100	Fampitahana sy fandaharana isa 41 hatramin'ny 100 - Fampitahana isa : “>” lehibe noho ny, “<” kely noho ny ary “=” mira” - Isa marika - Fandaharana andiana isa	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hampitaha isa amin'ny fampiasana tetika amam-paika samihafa - handinika ireo tarehimarika izay mandrafitra ny isa iray (ny fisian'ny ampolony sy ny ambiny na tsia) - hametraka ireo isa eo amin'ny tabilaonisa na tanjozotran'isa - hampiasa ireo isa marika hita eo amin'ny tanjozotran'isa na tabilaonisa - hampitaha isa amin'ny fampiasana ny evan'ny fampitahana - handahatra andiana isa amin'ny fampiasana ny evan'ny fampitahana Tetika amam-paika Fikirakirana angon-javatra Fitaovana - Tabilaonisa - Tanjozotranisa - Fitaovana azo kirakiraina. Ohatra : voakatsaka, hazokely
Tombana • Mampitaha isa 41 hatramin'ny 100 amin'ny fampiasana tetika amam-paika samihafa ny mpianatra. • Mandahatra andiana isa 41 hatramin'ny 100 amin'ny fampiasana tetika amam-paika samihafa ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mamantatra isa 101 hatramin'ny 1000	Fanisana isa 101 hatramin'ny 1000 (anjatony, ampolony, ambiny) - Fahafantarana isa : famakiana, fanisana, fanehoana, fampitahana isa eo amin'ny tanjozotranisa voatetika 100 - Famahavahana isa - Fanisana tsizatozato - Isa marika	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanisa tsifolofolo misonga na mijotso ary mamaky izany : atomboka amin'ny isa henenin'ny 100 izany (isa 100 hatramin'ny 1000) - hanoratra ny fanisana natao avy eo - hampitaha sy handahatra isa 101 hatramin'ny 1000 - hamahavaha sy hamondrona ny isa anjatony hatramin'ny arivo Tetika amam-paika - Atao miandalana ny fanisana : 101 hatramin'ny 400, 401 hatramin'ny 700, 701 hatramin'ny 1000 - Fikirakirana Fitaovana - Kivolavola - Tanjozotranisa - Isa marika
Tombana • Mampitaha isa 101 hatramin'ny 1000 amin'ny fampiasana tetika amam-paika samihafa ny mpianatra. • Mandahatra andiana isa 101 hatramin'ny 1000 amin'ny fampiasana tetika amam-paika samihafa ny mpianatra.		

Fahendrena voizina : fanenterana, fandraisana andraikitra

Faharetany : 50 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manao kajy an-kandrina, maminavina ny valin'ny asamarika manampy na manala, isa tsimivakinanaha ry tsy mihoatra ny 100	Fampiasana kajy an-kandrina hatramin'ny 100 • Tekinika entina manao kajy an-kandrina	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hampihatra ny fahalalana ny toetra mampiavaka ny isa sy tetika mikajy - hiady hevitra amin'ny tetika sy paika ampiasaina - hisafidy ny tetika mahomby ho ampiasaina - hampihatra izany entina manao asamarika isan-karazany - hiasa tsirairay ao anaty solaitra na vakiraoka Tetika amam-paika - Fifanakalozan-kevitra - Asa samirery Fitaovana Solaitra na vakiraoka
	• Isa avy roa henin'ny isa iray : 11 hatramin'ny 49 • Isa manatombo 1, 2, 5, 10 amin'ny isa iray: isa 0 hatramin'ny 100 • Isa latsaka 1, 2, 5, 10 amin'ny isa iray : isa 0 hatramin'ny 100 • Fanisana tsirairay, tsiroaroa, tsidimidimy : isa 0 hatramin'ny 100	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hamantatra ny isa manatombo na mihena isa 1, 2, 5, na 10 ho an'ny isa 0 hatramin'ny 100 amin'ny fampiasana ny tanjozotranisa na tabilaonisa - hatramin'ny 100 na kiefitra miisa 5 na 10 hanampy isa 2 amin'ny fanisana tsirairay na fanisana mitsambikina miainga eo amin'ny isa iray ary mampiasa tanjozotranisa - hamadika ireo isa ampifanampiana amin'ny isa kely noho izy mba hanamora ny asamarika sady mampiasa ny fifamadihana eo amin'ny asamarika manampy - hamahavaha ireo isa ampifanampiana mba hahazoana isa henenin'ny 10 - hamadika toerana ireo isa ampifanampiana mba hamoronana ny isa avo roa heny - hanombatombana ny valin'ny asamarika manampy na manala tsy misy mandeha amin'ny fifantoana amin'ny isa eo ankavia na ny ampolony - hamahavaha isa iray mba hamoronana isa 2 na 3 hahamora ny asamarika manampy izay ataony - hanambatra isa 2 henenin'ny 10 mba hahazoana ny isa 100 amin'ny alalan'ny fanisana mitsambikina eo amin'ny tabilaonisa ($20 + \dots = 100$) - hanala isa 2 amin'ny fampiasana ny tetika amam-paika manisa mijotso tsirairay na mitsambikina miainga eo amin'ny isa iray ary mampiasa tanjozotranisa - hamahavaha ireo isa ampifanalana mba hahamora ny asamarika atao - hamadika toerana ny asamarika manala hatramin'ny 100 ho asamarika manampy Tetika amam-paika - Asa an-tarika, asa samirery - Fampiasana sehatr'olana

		<i>Fitaovana</i> - Tabilaonisa - Solaitra na vakiraoka
Tombana Manao kajy an-kandrana entina manombatombana ny valin'ny asamarika manampy na manala, isa tsimivakinanahary tsy mihoatra ny 100 ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manampy isa tsimivakinanahary 41 hatramin'ny 100, misy na tsy misy mandeha amin'ny fampiasana tetika amam-paika samihafa	Fanampiana isa 41 hatramin'ny 100 • Fahafantarana ny asamarika atao • Tetika amam-paika efa hain'ny mpianatra • Asamarika marindrano • Asamarika mijoro • Fifanampiana tsy misy mandeha • Fifanampiana misy mandeha • Famahavahana isa • Famondronana isa • Isa avo roa heny • Famahana olana	<i>Sahanasa</i> Tarihina ny mpianatra : - hanao asamarika manampy tsy misy na misy mandeha - hampiasa ny asamarika manampy hamahana olana eo amin'ny fiainana andavanandro - hamaha sehatr'olana ilana ny asamarika manampy - hamaha olana amin'ny alalan'ny karazana asamarika manampy - hampiasa ny tabilao famahana olana (Vahaolana_Valiny_Asamarika) <i>Tetika amam-paika</i> - Famahavahana sy famondronana isa - Famadihana na famahavahana ireo isa roa ampifanampiana - Famahavahana isa ho ampolony sy ho ambiny - Fitadiavana ny isa avo roa henin'ny isa iray <i>Fitaovana</i> - Angon-javatra - Tabilao famahana olana

Tombana Manampy isa tsimivakinanahary 41 hatramin'ny 100, misy na tsy misy mandeha amin'ny fampiasana tetika amam-paika samihafa ny mpianatra.		
--	--	--

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manala isa tsimivakinanahary 41 hatramin'ny 100, misy na tsy misy mandeha amin'ny fampiasana tetika amam-paika samihafa.	Fanalana isa 41 hatramin'ny 100 • Fahafantarana ny asamarika atao • Tetika amam-paika efa hain'ny mpianatra • Asamarika marindrano ; Asamarika mijoro • Fifanalana tsy misy mandeha • Fifanalana misy mandeha • Famahavahana isa • Fanambarana isa • Isa avo roa heny • Famahana olana	<i>Sahanasa</i> Tarihina ny mpianatra : - hanao asamarika manala tsy misy na misy mandeha ; - hampiasa ny asamarika manala hamahana olana eo amin'ny fiainana andavanandro ; - hamaha sehatr'olana ilana ny asamarika manala - hamaha olana amin'ny alalan'ny karazana asamarika manala ; - hampiasa ny tabilao famahana olana (Vahaolana_Valiny_Asamarika). <i>Tetika amam-paika</i> - Fikirakirana fitaovana - Famahavahana sy famondronana isa - Famadihana na famahavahana ireo isa roa ampifanampiana mba hahamora ny asamarika atao - Famahavahana isa ho ampolony sy ho ambiny - Fitadiavana ny isa avo roa henin'ny isa iray <i>Fitaovana</i> - Angon-javatra - Tabilao famahana olana

Tombana

Manala isa tsimivakinanahary 41 hatramin'ny 100, misy na tsy misy mandeha amin'ny fampiasana tetika amam-paika samihafa.

ALIJEBRA

Fahendrena voizina : fizakan-tena, fitiavana ny tsara indrindra

Faharetany : 29 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Maneho ny fiverimberenana manara-pitsipika mandrafitra ny tandahatra tsy arak'isa izay ahitana kisary mitamberina ampiasana toetra mampiavaka 2 na maromaro	Fandaharana tsy arak'isa - Fanazavana ny kisary mitamberina - Fanohizana ny tandahatra - Fanovana ny laharan'ireo singa mandrafitra ny tandahatra	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hamantatra ny kisary mitamberina - hanohy ny tandahatra tsy arak'isa - hanoritsoritra ny fiverimberenana manara-pitsipika mandrafitra ny tandahatra (firafitra sy toetra) - hanova ny laharan'ireo singa mandrafitra ny tandahatra Tetika amam-paika - Asa an-tarika - Asa samirery Fitaovana Sary maneho tandahatra tsy arak'isa


Tombana

- Manoritsoritra ny fiverimberenana manara-pitsipika mandrafitra ny tandahatra tsy arak'isa izay ahitana kisary mitamberina ampiasana toetra mampiavaka 2 na maromaro ny mpianatra.
- Maneho ny fiverimberenana manara-pitsipika mandrafitra ny tandahatra tsy arak'isa izay ahitana kisary mitamberina ampiasana toetra mampiavaka 2 na maromaro ny mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mamorona ny fiverimberenana manara-pitsipika mandrafitra ny tandahatra tsy arak'isa misonga amin'ny fampiasana vainga na sary	Fandaharana tsy arak'isa manara-pitsipika misonga - Kisary mitamberina, fiverimberenana - Tandahatra manara-pitsipika misonga - Fanohizana ny fiverimberenana manara-pitsipika - Famorona tandahatra misonga	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hamantatra ny fiverimberenana manara-pitsipika mandrafitra ny tandahatra - hamantatra ny kisary mitamberina - hanoritsoritra ilay fiverimberenana ary hanohy izany - hamorona tandahatra manara-pitsipika misonga hafa miainga amin'ny zavatra hita sy iainana andavan'andro Tetika amam-paika - Asa an-tarika - Asa samirery Fitaovana Tandahatra manara-pitsipika misonga

Tombana

- Manantatra ny fiverimberenana mandrafitra ny tandahatra tsy arak'isa misonga ny mpianatra.
- Manoritsoritra ilay fiverimberenana mandrafitra ny tandahatra tsy arak'isa misonga ary manohy izany ny mpianatra
- Mamorona ny fiverimberenana mandrafitra ny tandahatra tsy arak'isa misonga amin'ny fampiasana vainga na sary ny mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Maneho ny fiverimberenana mandrafitra ny tandahatr'isa manara-pitsipika amin'ny fampiasana ny tanjozotranisa na tabilaonisa	Fandaharana isa manara-pitsipika - Fiverimberenan'ny fifanampiana (+2, +5 na +10) - Fiverimberenan'ny fanalana (-2, -5 na -10)	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hahita ny fiverimberenan'ny fifanampiana (+2, +5 na +10) na fiverimberenan'ny fanalana (-2, -5 na -10) - hahita ny fiverimberenan'ny isa mandrafitra ny tandahatr'isa (oh : manomboka amin'ny isa 4 ary manampy 2)  Tetika amam-paika - Asa an-tarika, asa samirery - Fampiasana tanjozotranisa na tabilaonisa Fitaovana Tanjozotranisa na tabilaonisa

Tombana

- Maneho ny fiverimberenan'ny fifanampiana hita ao anaty tandahatra manara-pitsipika amin'ny fampiasana ny tanjozotranisa na tabilaonisa ny mpianatra.
- Maneho ny fiverimberenan'ny fanalana hita ao anaty tandahatra manara-pitsipika amin'ny fampiasana ny tanjozotranisa na tabilaonisa ny mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Maneho fimirana matematika amin'ny alalan'ny tetika amam-paika samihafa	Fimirana matematika - Mizana manana lela-mizana roa - Eva matematika (+, -, =) - Valin'ny fimirana	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hahatakatra ny hevitra ny fimirana matematika - hampiasa eva matematika hanehoana fimirana Ohatra : $4 + 3 = ?$ ary $2 + 7 = 6 + 3$ - hitady ny valin'ny fimirana tsotra - hamaha sehatr'olana ahitana valiny tokana Tetika amam-paika - Fikirakirana fitaovana - Fampiasana eva matematika hanehoana fimirana - Fitadiavana ny valin'ny fimirana tsotra Fitaovana - Vatokely, voan-javatra - Mizana manana lela-mizana roa

Tombana

- Mahatakatra ny hevitra ny fimirana matematika ny mpianatra.
- Maneho fimirana matematika amin'ny alalan'ny tetika amam-paika samihafa ny mpianatra.

RAFITSARY

Fahendrena voizina : Fizakantena, fanenterana

Faharetany : 50 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mampiasa ny teny mifandray amin'ny habaka mba entina mifindra toerana na hamindrana vainga	Fampiasana teny mifandray amin'ny habaka Teny : miakatra, midina, mandroso,	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hifindra toerana araka ny toromarika mifandray amin'ny habaka (fitodika sy halavan'ny dingana) - hanome toromarika ny namany hifindrany toerana

	mihemotra, miankavia, miankavanana • Dingana sy fitodika	- hamindra vainga ao anaty kiefitra efajoro araka ny toromarika omena (lalao katro) <i>Tetika amam-paika</i> - Fivoahana ny efitrano fianarana - Lalao - Asa tsiroaroa, asa samirery <i>Fitaovana</i> Vainga , kiefitra efajoro, toerana malalaka
--	---	---

Tombana

- Mampiasa ny teny mifandray amin'ny habaka : miakatra, midina, mandroso, mihemotra, miankavia ary miankavanana mba entina mifindra toerana ny mpianatra.
- Mampiasa ny teny mifandray amin'ny habaka : miakatra, midina, mandroso, mihemotra, miankavia ary miankavanana mba hamindrana toerana olona na vainga ny mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manasokajy kisary an-demaka araka ny toetra mampiavaka azy	Fanasokajiana kisary an-demaka • Karazana : mahitsizoro, efamira, telolafy, faribolana • Fanoritsoritana, fampitahana, fanasokajiana • Toetra mampiavaka azy: isan'ny tendro, isan'ny lafy, halavan'ny lafy, fitodika	<i>Sahanasa</i> Tarihina ny mpianatra : - hampitaha kisary an-demaka - hanoritsoritra ny mahitsizoro sy ny telolafy (isan'ny tendro sy lafy) - hanazava izay itoviany sy tsy itoviany amin'ireo kisary - hanasokajy kisary ho vondrona - hamantatra kisary an-demaka hita amin'ny fiainana andavanandro <i>Tetika amam-paika</i> - Asa tsiroaroa - Fampitahana kisary an-demaka <i>Fitaovana</i> Angona kisary an-demaka

Tombana

- Manoritsoritra kisary an-demaka (mahitsizoro, efamira, telolafy, faribolana) araka ny toetra mampiavaka azy ny mpianatra.
- Mampitaha kisary an-demaka araka ny toetra mampiavaka azy ny mpianatra.
- Manasokajy kisary an-demaka araka ny toetra mampiavaka azy ny mpianatra

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mamahavaha kisary an-demaka iray amin'ny alalan'ny fanasarahana ireo kisary an-demaka mandrafitra azy	Fandrafetana kisary an-demaka • Famoretana, fanapahana, fanambarana kisary an-demaka • Famahavahana, fanasarasarahana, fanambarana, fandrafetana kisary an-demaka na marolafy • Kisary “tangram”	<i>Sahanasa</i> Tarihina ny mpianatra : - hamoritra sy hanapaka kisary an-demaka mba hahazoana kisary maromaro - handrafitra marolafy iray avy amin'ny fanambarana kisary maromaro - hanambatra efamira maromaro hahazoana mahitsizoro - hanambatra telolafy mba hamoronana kisary lehibe kokoa - hanamboatra kisary iray amin'ny alalan'ny “tangram” <i>Tetika amam-paika</i> - Asa an-tarika, asa samirery - Fikirakirana taratasy na baoritra

		<i>Fitaovana</i> - Taratasy na baoritra - Hety, fitsipika, dinty, lakaoly
Tombana • Mandrafitra kisary an-demaka amin'ny alalan'ny fanambarana kisary fantatra anarana ny mpianatra • Mamahava kisary an-demaka iray amin'ny alalan'ny fanasarahana ireo kisary mandrafitra azy ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manasokajy vainga araka ny toetra mampiavaka azy	Fanasokajiana vainga • Karazana : telozodrirana mahitsizoro, goba, varingarina, bola, iraizotongotra manana fototra telolafy • Toetra mampiavaka: isan'ny tendro, isan'ny tava, endriky ny fototra, fitodika	<i>Sahanasa</i> Tarihina ny mpianatra : - handinika vainga hita ao an-dakilasy - hampitaha vainga samihafa - hanoritsoritra ireo vainga tsirairay - hampitaha sy hanasokajy azy araka ny toetra mampiavaka azy - hanisa ny tendro sy ny tava ary hijery ny endriky ny fototra - hanasokajy vainga roa na maromaro araka ny mampiavaka azy <i>Tetika amam-paika</i> - Fampitahana vainga - Asa tsiroaroa, asa tsirairay <i>Fitaovana</i> Angona vainga samihafa
Tombana • Manoritsoritra vainga araka ny toetra mampiavaka azy ny mpianatra. • Mampitaha vainga araka ny toetra mampiavaka azy ny mpianatra. • Manasokajy vainga araka ny toetra mampiavaka azy ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manoritra mahitsizoro, efamira, faribolana ary telolafy	Fanoritana kisary an-demaka • Fanoritana mahitsizoro, efamira, telolafy • Fitaovana ampiasana: vainga na lasitra taratasy voateboteboka na ahitana kiefitrefitra	<i>Sahanasa</i> Tarihina ny mpianatra : hanoritra efamira, mahitsizoro, faribolana ary telolafy amin'ny alalan'ny fitaovana na lasitra <i>Tetika amam-paika</i> - Asa tsiroaroa sy asa tsirairay - Fampiasana lasitra na taratasy voateboteboka <i>Fitaovana</i> - Vainga - Fitaovana afaka kirakiraina na lasitra - Fitsipika...
Tombana • Manoritra mahitsizoro, efamira, faribolana ary telolafy amin'ny alalan'ny vainga na fitaovana afaka kirakiraina na lasitra ny mpianatra. • Manoritra mahitsizoro, efamira, faribolana ary telolafy amin'ny alalan'ny taratasy voateboteboka na voatetika efajoro ny mpianatra.		

Fahendrena voizina : Fizakantena, fanenterana

Faharetany : 30 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mandrefy halavana amin'ny alalan'ny venty iraisam-pirenena	Fandrefesana halavana - Venty enti-mandrefy: metatra (m), desimetatra (dm), santimetatra (cm) - Fanombanana refy - Fampiasana venty mifanaraka amin'ny halavana horefesina - Fandrefesana ny manodidina ny vain-ga na kisary an-demaka ; - Hevitry ny manodidina	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanavaka ny karazana venty iraisam-pirenena amin'ny alalan'ny fampitahana sy ny fikirakirana - hahafantatra sy hisafidy venty mifanaraka amin'ny halavana horefesina izy - hampifandray izany amin'ny halavan'ny fitsipika, tehina, am-pohin'ny solaitrabe, fanondro, sns - hanombatombana ny refy mialoha ny fandrefesana Tetika amam-paika - Asa an-tarika sy asa samirery - Fampiasana fitaovana hita ao an-dakilasy Fitaovana - Kisary an-demaka - Metatra - Hazo na kifafa

Tombana

- Manavaka ireo karazana venty iraisam-pirenena ny mpianatra amin'ny alalan'ny fampitahana sy fikirakirana.
- Misafidy venty mifanaraka amin'ny halavana horefesina ny mpianatra (metatra, desimetatra, santimetatra)
- Mandrefy halavana amin'ny alalan'ny venty iraisam-pirenena ny mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manoritra halavana amin'ny alalan'ny venty iraisam-pirenena	Fanoritana halavana - Fandrefesana tsipika: mahitsy, mijidina, marindrano - Teboka iaingana sy teboka ijanonana - Fanombanana refinkalavana - Fanoritana tsipika: mahitsy, mijidina, marindrano	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanombatombana ny halavana mety ho refesina alohan'ny fandrefesana - hanamarika ny teboka iaingana mifanandrify amin'ny isa 0 amin'ny fanipihana - handrefy ny tsipika amin'ny refy omena (cm) - hanoratra ny valiny ary hanoritra tsipika amin'ny alalan'ny fanipihana Tetika amam-paika - Asa an-tarika sy asa samirery - Fampiharana fahamalinana amin'ny fampiasana fitaovana enti-mandrefy Fitaovana - Metatra - Fitsipika

Tombana

- Mandrefy halavana tsipika (mahitsy, mijidina, marindrano) amin'ny alalan'ny fanipihana ny mpianatra
- Manoritra tsipika (mahitsy, mijidina, marindrano) amin'ny alalan'ny fanipihana ny mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mandanja amin'ny alalan'ny venty ifanarahana nomanina mialoha	Fandanjana amin'ny venty ifanarahana - Mizana manana lela-mizana 2 - Venty ifanarahana : kahie, gorda, penina, ... - Fampitahana lanja : maivana kokoa noho, mavesatra kokoa noho - Fandanjana	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hampitaha lanja vainga 2, 3 na 4 amin'ny fampiasana mizana manana lela-mizana roa sy vainga fanoharana - handahatra ireo vainga araka ny lanjany - handanja vainga iray amin'ny alalan'ny venty ifanarahana (ohatra: lanjan'ny boky = in-3 ny lanjan'ny kahie, kahie = venty ifanarahana) Tetika amam-paika - Asa an-tarika sy asa samirery - Fampiasana mizana manana lela-mizana roa sy vainga fanoharana Fitaovana - Mizana misy lela-mizana roa - Vainga: kahie, boky, rakibolana, ...
Tombana - Mampitaha lanja vainga 2, 3 na 4 ary mandahatra izany araka ny lanjany ny mpianatra. - Mandrefy lanja amin'ny alalan'ny venty ifanarahana nomanina mialoha ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mandanja amin'ny alalan'ny venty irasam-pirenena: kilaograma (kg)	Fandanjana amin'ny kilaograma (kg) - Vato-mizana 1kg sy atsasa-kilao - Mizana manana lela-mizana 2	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hampitaha lanjan'ny vainga 2 na 3 amin'ny fampiasana ny teny “mavesatra kokoa” na “maivana kokoa” - hamantatra ny vainga milanja atsasa-kilao amin'ny alalan'ny mizana misy lela-mizana roa - handanja vainga iray amin'ny fampiasana vato-mizana 1kg na atsasa-kilao Tetika amam-paika - Asa samirery, asa an-tarika - Fampiasana vato-mizana mifanaraka amin'ny lanjan'ny vainga Fitaovana - Mizana manana lela-mizana 2 - Vato-mizana 1kg sy atsasa-kilao - Vainga
Tombana - Mampitaha lanjan'ny vainga 2 na 3 amin'ny alalan'ny kilaograma (kg) ny mpianatra. - Mandanja amin'ny alalan'ny venty irasam-pirenena : kilaograma (kg) ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mandrefy ny fiatian'ny goro amin'ny alalan'ny venty ifanarahana nomanina mialoha	Fandrefesana fiatiana amin'ny venty ifanarahana - Fiatian'ny goro - Fanombatombanana - Fampitahana habetsahana - Fandrefesana amin'ny venty ifanarahana	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hahatakatra ny hevitra ny fiatian'ny goro amin'ny alalan'ny fikirakirana - handrefy ny fiatian'ny goro amin'ny venty ifanarahana (goro iray) - hampitaha ny fiatian'ny goro roa na maromaro

		<i>Tetika amam-paika</i> - Fanombatombanana sy fandrefesana amin'ny venty ifanarahana - Asa an-tarika sy asa samirery <i>Fitaovana</i> - Goro - Vera, tavoahangy, zinga, ...
Tombana • Mampitaha ny fiatian'ny goro 2 na 3 amin'ny alalan'ny venty ifanarahana ny mpianatra. • Mandrefy ny fiatian'ny goro amin'ny alalan'ny venty ifanarahana ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mandrefy fiatiana na goro iray amin'ny fampiasana venty iraisam-pirenena	Fandrefesana fiatiana amin'ny litatra (L) • Fampitahana fiatiana amin'ny 1L (litatra) sy atsasa-litatra • Fandrefesana fiatiana amin'ny 1L sy atsasa-litatra	<i>Sahanasa</i> Tarihina ny mpianatra : - hamantatra ny goro manana fiatiana 1L sy atsasa-litatra - handrefy ny fiatian'ny goro iray amin'ny fampiasana ireo venty iraisam-pirenena ireo <i>Tetika amam-paika</i> - Asa an-tarika sy asa samirery - Fandrefesana amin'ny goro manana fiatiana 1L sy atsasa-litatra <i>Fitaovana</i> - Tavoahangy plastika manana fiatiana isan-karazany - Koveta, siny, ...
Tombana • Mamantatra ny goro manana fiatiana 1L sy atsasa-litatra ny mpianatra. • Mandrefy fiatiana na goro iray amin'ny fampiasana venty iraisam-pirenena ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mamaha sehatr'olana eo amin'ny fiainana andavanandro ampiasana ireo mari-potoana : andro, herinandro, volana, taona	Fandrefesana mari-potoana • Fanisanandro sy tetiandro • Herinandro sy andro • Andro tsy iasana • Volana 12 ao anatin'ny taona • Taona	<i>Sahanasa</i> Tarihina ny mpianatra : - hanavaka ny sahanasa ataony mandritra ny herinandro - hamaritra ny andro fianarana sy tsy iasana - hitanisa ny andro 7 ka hampiasa ka hampiasa ny mari-potoana omaly, anio ary rahampitso - hamantatra ny volana 12 - hamantatra ny andro sy volana nahaterahany - hamaritra ny isan'ny andro na volana eo anelanelan'ny fotoana roa <i>Tetika amam-paika</i> - Fanontaniana-valiny - Fampiasana fanisanandro na tetiandro <i>Fitaovana</i> - Fanisanandro namboarina - Kalandrie
Tombana Mamaha sehatr'olana eo amin'ny fiainana andavanandro ampiasana ireo mari-potoana : andro, herinandro, volana, taona ny mpianatra.		

Fahendrena voizina : fizakan-tena, fitiavana ezaka

Faharetany :10 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manomana fanadihadiana miainga amin'ny sehatr'olana iainan'ny mpianatra	Fanadihadiana - Valin'ny fanadihadiana: tarehintsoatra, tarehimarika - Tetika fanangonana valiny	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hamorona fanontaniana misy valiny 3 hatramin'ny 5 - hamaly amin'ny tarehintsoatra na tarehimarika - hisafidy tetika tsotra sy mahomby hanangonana ny valiny Tetika amam-paika - Fanehoana sehatr'olana iainan'ny mpianatra - Asa an-tarika sy asa samirery Fitaovana - Taratasy - Sehatr'olana iainan'ny mpianatra

Tombana

- Mamorona fanontaniana fanadihadiana ny mpianatra.
- Misafidy tetika tsotra sy mahomby hanangonana ny valiny ny mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mampiseho ny valin'ny fanadihadiana natao	Fanehoana valin'ny fanadihadiana - Valiny : tarehin-tsotra, tarehimarika - Fanehoana valiny : tabilao, kisary na - kiefitrefitra mahitsizoro	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanao fanadihadiana - hanangona ny valiny - handrindra izany ao anaty tabilao - hampiseho ny valiny amin'ny kisary na kiefitrefitra mahitsizoro mba hahafahana mampitaha Tetika amam-paika Fampiasana tabilao fanehoana tambatr'isa Fitaovana - kiefitrefitra mahitsizoro - tabilao

Tombana

- Manangona ny valin'ny fanadihadiana ny mpianatra.
- Mandrindra ny valiny ao anaty tabilao ny mpianatra.
- Mampiseho ny valin'ny fanadihadiana amin'ny kisary na kiefitrefitra mahitsizoro ny mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mamaky, mampitaha ny valin'ny fanadihadiana ary manatsoaka hevitra tsotra	Famakiana sy fampitahana valiny - Lohatenin'ny fanadihadiana - Sokajy sy isa mifanaraka aminy - Singa mandrafitra tabilao : lohateny, sokajy	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hamaky sy hanazava ny valin'ny fanadihadiana - hampifandray ny tabilao sy kisary - hampitaha ny valiny - hanazava sy hanatsoaka hevitra tsotra araka izay hita Tetika amam-paika Fanontaniana-valiny

	• Singa mandrafitra ny kisary: mari-bolana, lohatenin'ny teza • Fampitahana : mihoatra noho, latsaky noho • Fanatsoahana hevitra	<i>Fitaovana</i> - Taratasy na kraft - Hety, ...
Tombana • Mamaky ny valin'ny fanadihadiana ao anaty tabilao kisary ny mpianatra. • Mampitaha ny valin'ny fanadihadiana ny mpianatra. • Manatsoaka hevitra tsotra amin'ny valin'ny fanadihadiana ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manavaka ny valin'ny fisarihana natao : mety hiseho na tsy miseho mihitsy	Fanavahana tranga mety miseho sy tsy miseho • Fisarihana • Valiny : mety miseho, tsy miseho mihitsy • Isan'ny fahazoana valiny mety hiseho (hatetika)	<i>Sahanasa</i> Tarihina ny mpianatra : - hamaly fanontaniana toy ny hoe : “impiry no afaka misintona tsaoka fotsy iray ao anaty boaty?” - hilaza ny tranga iray amin'ny andianteny “mety miseho” na “tsy miseho mihitsy” <i>Tetika amam-paika</i> Fanontaniana-valiny <i>Fitaovana</i> - Boaty - Tsaoka
Tombana • Mamantatra ny fifandraisan'ny valin'ny fisarihana sy ny andianteny “mety miseho” na “tsy miseho mihitsy” ny mpianatra. • Manavaka ny valin'ny fisarihana : mety miseho na tsy miseho mihitsy ny mpianatra.		

TOVANA A : TOROVOLANA

Ampohiny: ilazana ny lafiny fohy amin'ny kisary manana endrika mahitsizoro.

Andavany : ilazana ny lafiny lava amin'ny kisary manana endrika mahitsizoro.

Antontanisa sy antontan-kevitra (na données statistiques): Atontanisa raha tarehimarika no vokatry ny fanadihadihana natao ary atontan-kevitra raha hevitra aseho amin'ny alalan'ny teny na fehezanteny

Dingam-pirosoana (progression) : dingam-pivoarana

Drafi-pikajiana ara-dalàna (na algorithmes formels) : fomba fikajiana manarana rafitra mazava.

Ohatra : rehefa manao fifanampiana ny mpianatra dia mampiasa tetika amam-paika iraisana rehefa mitady ny valiny izany hoe ireo tetika amam-paika ampianarina azy

Endri-tsary jeometrika (na forme géométrique) dia ahitana kisary an-demaka sy vainga (kisary an'erana)

Fimirana matematika (na situation d'égalité) amin'ny fampiasana eva matematika

Ohatra 1 : $2+6 = 8$

Ohatra 2 : $3+6 = 2+7$

Famondronana isa : fanakambanana isa (= composition des nombres)

Ohatra: $4+5+2+6 = 17$

Firafitra (structure) : kisary mitamberina / miverimberina

Fisarihana (expérience).

Ohatra : misintona tsaoka mena ao anaty boaty ny mpianatra.

Habetsahan-javatra : angona tsy natao isaina ohatra : fotsim-bary 1 kapoaka, rano anaty koveta, fasika eny amoron-drano, vatokely 1 gony. Betsaka ny rano ao anaty koveta.

Hatetika (fréquence) : isan'ny fahazoana valiny mety hiseho na fiverimberen'ny valiny mety hiseho.

Hamaroan-javatra : angona afaka isaina tsara.

Ohatra : paoma iray toko na iray sobika.

Maro kokoa noho ny no fampiasa rehefa mampitaha isan'angon-javatra.

Ohatra : maro kokoa ny isan'ny satroka noho ny isan'ny harona.

Isa akoatra ny 0 : nombre différent de zéro.

Isa avo roa heny : double d'un nombre. Ny isa avo roa henin'ny 2 dia 4

Isa marika : nombre repère

Isa mitombina sy tsy mitombina (na misy faka) = nombre rationnels et irrationnels (racine carrée)

Kisary : Diagramme. Singa mandrafitra ny kisary : mari-bolana (la légende), lohatenin'ny teza (le titre des axes). Ireto misy karazana kisary tsara ho fantatry ny mpampianatra :

Kisary tsanganana (= diagramme en barres) ;

Kisary boribory (= diagramme circulaire) ;

Kisary an-tsipika (= diagramme linéaire)

Kisary an-demaka : (na figures planes)

Kisary fanehoana (pictogramme).

Ohatra kisarina voninkazo, kisarina saka, kisarina voankazo

Kisary mitamberina : motif répété.

Lanjam-pisehoan'ny trangan-javatra : probabilité

Mamahavaha isa : décomposer un nombre

Mamondrona isa : composer un nombre

Marika raikitra (na tondro) : repère fixe

Mari-potoana na tondro-potoana : ireo teny entina milaza fotoana toy ny maraina, hariva, alina,... (Indicateurs temporels)

Tabilaonisa (na fafanisa) : tableau de nombres.

Tabilao ahitana kiefitrefitra mahitsizoro : tabilao maneho ny isan'ny safidin'ny mpianatra ka kiefitrefitra mahitsizoro iray mira safidy iray.

Takelabaoritra : carton mobile

Tandahatra manara-pitsipika : suite

Tandahatr'isa : suite numérique

Tandahatra tsy arak'isa : suite non numérique

Tanjozotranisa : droite numérique. Tsipika voateti-drefy ahitana ireo isa ianarana.

Taratasy voateboteboka : papier à point

Taratasy voatetika efajoro : papier quadrillé

Tetika amam-paika (na stratégie) : teknikina entina manao asa matematika. Ireto koa teny mitovy hevitra aminy : tetika, paika, paik'ady.

Toetra : Attribut.

Ohatra : loko, endrika, fipetraka na toerana, habe,...

Venty ifanarahana : unité non conventionnelle. Penina no venty ifanarahana nentina nandrefy ny halavan'ny dabilion'ny mpianatra.

Voankevitra (na concept) : hevitra manodidina ny zavatra ianarana.

Ohatra: voankevitra ny isa ; voankevitra ny asamarika manampy.

Voankevitra ny vokatry tsy maintsy miseho : concept d'événement

Voka-pianarana andrasana : profil de sortie

TOVANA B : FITETEHANA NY FIANARANA ISA AO AMIN'NY TAONA T2

- Ny fianarana isa dia tanterahana araka ny isa ianarana. Ohatra : 41 hatramin'ny 60, 61 hatramin'ny 80, 81 hatramin'ny 100.
- Ny Voka-pianarana 1 ; 2 ; 3 ary 4 dia atao mifanesy ny fianarana azy.
- Ny Voka-pianarana « Mamantatra isa 101 hatramin'ny 1000 » kosa dia tsy atao raha tsy vita hatramin'ny 100 ny voka-pianarana efatra voalohany.

TOVANA D : AHOANA NO FOMBA HIFEHEZANA NY MATEMATIKA ?

Ny fifehezana matematika dia :

- mahatakatra ny voankevitra ;
- mampihatra ny fitsipika ;
- mahay mamaha olana.

Ny mpianatra dia :

- manazava sy manome ohatra ;
- mampihatra amin'ny kajy sy kisary ;
- mampiasa matematika hamahana olana amin'ny fiainana andavanandro.

TOVANA E : DINGANA ANKAPOBEANY AMIN'NY FAMAHANA OLANA HO AN'NY TARANJA MATEMATIKA

- Miainga amin'ny sehatr'olana fahita amin'ny fiainana an-davanandro
- Mandika ny sehatr'olana ho matematika
- Mampiasa fitaovana matematika (sary, isa, fomba fikajy, fitsipika)
- Manamarina / manaporofa / manazava sy mampiseho ny valiny

ZAVAKANTO

ZAVA-KENDREN'NY FANDAHARAM-PIBEAZANA

Ny taranja Zavakanto dia mikendry ny hampivelatra ny fahaiza-manaon'ny mpianatra :

- maneho hevitra sy fihetseham-po amin'ny alalan'ny kanto ;
- mamorona sy mampiasa ny sainy amin'ny asa kanto ;
- mankasitraka sy manaja ny sanganasa kanto ;
- hampivelatra ny fahaiza-misaina sy ny fahaiza-mitsara ;
- mampiasa ny zavakanto ho fitaovam-pifandraisana sy fanehoan-kevitra.

Ankoatra izany dia mikendry ihany koa ny :

- hahafantaran'ny mpianatra ny kolontsainy sy ny maha izy azy ;
- hanomezana lanja ny kolontsaina isam-paritra sy nasionaly ;
- hampivelatra ny maha olompirenena amin'ny alalan'ny fanajana ny hafa sy ny fiaraha-monina ;
- hanomana ny mpianatra hiaina eo amin'ny fiaraha-monina sy ny tontolon'ny asa.

FANDAMINANA ARA-PEDAGOJIA ANKAPOBENY

Ny taranja **Zavakanto** dia mizara ho zana-taranja efatra :

- **Hairaha ara-endrika amam-bika** : sary, hosodoko, sokitra ;
- **Mozika** : fihirana, fitendrena, famoronana hira ;
- **Dihy** : fandihizana, fihetsika, famoronana dihy ;
- **Fiseharana** : filalaovana, seho, fanehoana amin'ny vatana sy feo.

FITARIHANA ARA-PEDAGOJIA ANKAPOBENY

Ireto ny fomba tsotra hanatanterahana ny fampianarana :

- atomboka amin'ny zavatra efa fantatry ny mpianatra sy mahakasika azy ny lesona ;
- omena sehatra hiteny, hamorona ary handray anjara ny mpianatra ;
- ampirisihina hiara-miasa sy hifanaja ny mpianatra ;
- ampiasaina ny fitaovana tsotra sy hita eo an-toerana ;
